MANANARA AVARATRA

Nihàran’ny fitsaram-bahoaka ilay lehilahy namono ny vadiny sy ny rafozany

Nitrangana fitsaram-bahoaka ny tany Mananara Avaratra any amin’ny faritra Analanjirofo iny. Fitsaram-bahoaka no niseho afak’ omaly alina tany Mananara Avaratra. Efa ela no nitadiavan'ny fokonolona ilay lehilahy nanindrona antsy ny vadiny sy ny rafozany, izao izy vao tratra izao, ka nodoran'ny fokonolona velona izao. Asa hanao ahoana ny ho tohin’ity raharaha ity satria voararan’ny lalàna izay fanaovana fitsaram-bahoaka izay, na inona antony na inona, fa tokony hatolotra ny mpitandro filaminana hatrany ireo izay nahavita heloka teo amin’ ny fiaraha-monina.

Stefa

Fitsaram-bahoaka nitranga tany Mananara Avaratra.

Mazotoa mihira

Malaza ny fitsangatsanganana hataon’ny fandaharana Miara-manonja amin’izao faran’ny herinandro izao. Hira mifandraika amin’izay resaka fitsangatsanganana izay no atolotra anao androany. Fitsangatsanganana ao Analakely, fa tsy ho ao Analakely kosa aloha no hitsangatsangana ny Miara-manonja ny sabotsy izao. Atolotra anao ary ity hiran’i Lôla Analakely ity, koa dia mazotoa mihira e !

ANALAKELY
Mpihira: Lôla

Isan-kariva e toerana raiky izay
Tsy mba mangina e ambiance fehizay
Fitsangatsanganana tsy mandany vola
Na ts’isy fiara afaka midola
Mpifankatia e mirôzirôzy any
Ny mpanapy e ny ao ihany koa tsy lany
Indrindra indrindra ny faran’ny herinandro
Ny fianankaviana afaka hamohamo
Hatramin’ny zazakely, mankeny !

Analakely ilay toerana firevena
Analakely sahaza ny rehetra
Reraky ny asa olana samihafa
Tsy alina tsy atoandro
Tsy fety tsy andavan’andro

Ny tsakitsaky tonotono masikita
Dia tian’ny gasy fa tsy haiko fa dia mahavariana
Dia fety be ambany ka hatrany ambony
Samy manao izay mahafalifaly ny fony
Soa ihany hoy aho fa nisy Analakely
Fa raha tsy izany ho aiza ireny olona rehetra ireny
Ao no mba akaiky tsy manahirana azy
Mihodina kely rehefa mba hanala azy
Toera-manantantara eto Gasikara

Sakafo Ny Valosoa

Vorivorin-kena na tripy sy hena kisoa indray no laoka amin’ny Sakafo eto amin’ny gazetinao aandroany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly fiarovana ny volo amin’ny hainandro

Fomba natoraly fiarovana ny volo amin’ny hainandro indray no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany. Toy izao ny maska natoraly, miaro ny volo amin’ny hain’andro izay:
Rehefa mahamay be ny andro tahaka ny iainantsika amin’izao fotoana, dia misy fiantraikany ratsy amin’ny volo satria mety ho tapatapaka sy hampakiana azy izany.
Zavatra ilaina :
- atody.
- menaka olive.
- rhum mena.

Fanaovana azy :
- Kapohina ilay atody , rarahana menaka oliva + rhum avy eo.
- Ahosotra amin’ ny volo avy hatrany dia avela hilona 15min eo ho eo
- Sasana tahaka ny mahazatra ny loha avy eo.
Na zavatra ilaina :
- yaourt tsy mamy (nature).
- atody tapotsiny sy tamavony. Ity fangaro manaraka ity kosa dia aorian’ny shampoing vao atao.
Afangaro avy hatrany amin’ny yaourt ny atody efa nokapohina. Ahosotra eo amin’ny volo vao avy nosasana. Avela hilona 5 ka hatramin’ny 15 min eo ho eo dia kobanina.
- Azo adino: asio ranom-boasarimakira in-3 mitete ny rano mangatsiaka, na matimaty izay anakobanana, mba hampangirana ny volo.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan’Ambodimotso-Atsimo, distrikan’i Befandriana Avaratra, faritra Sofia

Ny tanànan’Ambodimotso-Atsimo, distrikan’i Befandriana Avaratra, any amin’ny faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodimotso-Atsimo ity tanàna ity. Any amin’ny faritra afovoan’ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity, satria 433 m ny haavony mihoatra amin’ny ranomasina. Tsimihety ny ankamaroan’ny mponina any, saingy hita any avokoa ireo foko misy eto Madagasikara. Vokatra any Ambodimotso-Atsimo ny vary, toy ny hita any amin’ireo kaominina mandrafitra ny distrikan’i Befandriana Avaratra.